# Ny hatsarana dia ny fahatsaran-toetra, ary ny fahotana dia izay tsy mahatony ny ao am-ponao, ary halanao ny haseho amin'ny Olona

Tatitra azo tamin'i Al-Nawwàs bin Samà’n Al-Ansari (R.A) Niteny ka nanao hoe : Nanontany an'ilay Irakan'i Tompo Allah Aho ny amin'ny hatsarana sy ny fahotana, dia hoy Izy namaly : " Ny hatsarana dia ny fahatsaran-toetra, ary ny fahotana dia izay tsy mahatony ny ao am-ponao, ary halanao ny haseho amin'ny Olona ".
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanontaniana momba ny hatsarana sy ny fahotana i Mpaminany (S.W.A) ka hoy Izy namaly hoe : Ny mendrika tsara indrindra amin’ny fahatsarana dia ny fitondran-tena tsara sy mendrika eo anatrehan’i Tompo Allah amin’ny alàlan’ny fahatahorana Azy, ary amin’ny zavaboary dia amin’ny alàlan’ny fiharetana amin'ny fampijalina ataony, ny tsy fisian’ny fahatezerana, ny endrika falifaly, ny fitenenana tsara, ny fifandraisana, ny fankatoavana, ny hatsaram-panahy, ny fahalalahan-tànana, ny fahaiza-miaina tsara ary ny fiarahana. Fa raha ny amin’ny fahotana, dia ny fisalasalana no miveivezy ao amin’ny fanahy sy misalasala raha tsy misokatra ny tratrany, ary ny fisalasalana sy ny tahotra ny amin’izany ho fahotana no nitranga tao am-po. Tsy te hampiseho izany Izy satria ratsy ho an'ny olona manana ny maha Izy azy sy lavorary izany, ary izany dia noho ny fanahy dia tia mampahafantatra amin'ny olona ny hatsarany, ka raha mankahala ny fampahafantarana ny sasany amin'ny zavatra ataony Izy dia ota tsy misy hatsarana izany.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee